Free Digital Copy From ServeNow

# *IREO ZAVA-DEHIBE FOTOTRA TOKONY HO FANTATRAO MOMBA NY VAVAKA*

*Lars B. Dunberg*

ServeNow

Free Digital Copy From ServeNow

***Ireo zava-dehibe fototra okony ho fantatrao momba ny vavaka***

***The Basic Things You Need to Know About Prayer (Malagasy)***

Lars B. Dunberg

Copyright © 2013 by *ServeNow.*
Used by Permission. All rights reserved.

ISBN 978-1-958730-99-7

Scripture quotations translated into Malagasy are taken from The Holy Bible, New International Version®, NIV®Copyright © 1973, 1978, 1984, 2011 by Biblica, Inc.™ Used by permission of Zondervan.

All rights reserved worldwide. www.zondervan.com.The “NIV” and “New International Version” are trademarks registered in the United States Patent and Trademark Office by Biblica, Inc.™

Published by *ServeNow*
1817 Austin Bluffs Parkway #110
Colorado Springs, CO 80918, USA

Free Digital Copy From ServeNow

# Ireo zava-dehibe fototra okony ho fantatrao momba ny vavaka

**Fampidirana**

Nanomboka tamin'ny taona 2000 dia nanana olana teo amin'ny torimaso aho. Gaga aho raha nilaza tamiko ny manampahaizana momba io aretina io fa isaky ny alina dia tsy maintsy manao sarona eo amn'ny oroko aho izay misy fantsona mankany amin'ny fitaovana lehibe apetraka eo amin'ny tany. Io fitaovana io no manampy anao hiaina tsara hoy izy rehefa matory, ka na miesona aza dia afaka miaina tsara, satria raha misokatra ny vavanao, dia mahatsapa tahakan'ny hoe rendrika izany ianao – tsy ao anaty rano anefa fa eo amin'ny rivotra ihany!

"Mandritran'ny firy herinandro ary aho no tsy maintsy hampiasa ity zavatra ity?"Mba nanontanitany fotsiny aho. Nijery tsara ahy izy tahakan'ny hoe olona avy any amin'ny planeta hafa izany aho. "Andriamatoa Dunberg", hoy izy namaly ahy, "Ohatran'ny tsy azonao ilay izy! Mila mampiasa ity fitaovana ity ianao hatramin'ny fara-fofonainao mihitsy.Ity fitaovana ity no hiaraka aminao mandritran'ny fiainanao!"

Tena gaga aho! Ny alina voalohany dia nandramako nesorina isaky ny folo minitra ilay sarona teo amin'ny oroko, mahatsiaro tena voateritery be aho. Indray alina dia lasa tany amin'ny tendako ilay fantsona ka saika kenda aho. Na izany aza, afaka volana vitsivitsy dia nianatra nankasitraka ny rivotra aho izay voadio noho ny rano izay nikoriana tao

Free Digital Copy from ServeNow

amin'ny havokavoko niaraka tamin'ny fikorinan'ny taovam-pisefoana tsy tapaka. Taorian'izay taona rehetra izay, tsy afaka matory mihitsy aho raha tsy misy an'io fitaovana io. Lasa fahazarako ilay izy ary miankin-doha tanteraka aminy aho.

**Ny dingan'ny fofonain'ny mpino**

Ny Kristiana sasany dia manadino ny fahaizany miaina ara-panahy, satria tsy takatr'izy ireo fa ny vavaka dia manohana ny mpino tahakan'ny oksizenina amin'ny fiainana. Mety manao ny vavaka nampianarin'ny Tompo isika isaky ny Alahady any am-piangonana, na koa mivavaka ho an'ny sakafo, fa ny mivavaka matetika dia tsy mba ao anatin'ny fandaharam-potoanantsika isan'andro. Vitsiana no ahitana izany hoe fiaraha-mivavaka izany eny amin'ny asantsika eny ary koa vitsy ny olona manatrika ny fotoam-pivavahana any am-piangona. Izany no mahatonga ny mpino maro lany fofon'aina ara-panahy.

**Nahoana aho no tokony hivavaka eto an-tany?**

Raha tena fantatr'Andriamanitra tokoa ny zavatra rehetra, ary mahafantatra ny eritreritro rehetra Izy, nahoana aho no tokony hivavaka eto an-tany? Na dia fantany aza ny ho avy, isika tsy mahafantatra izay safidy ho ataontsika. Ny tena zava-dehibe dia mitoetra eo ambany fitarihany mba hahaizantsika misafidy ny tsara.

Ny vavaka dia mampitombo ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Raha toa ka tsy miresaka amin'ny vaditsika mihitsy isika na tsy mihaino izay tiany lazaina amintsika dia mety tsy haharitra ela ny tokantranotsika. Mitovy amin'izany ihany koa ny miaraka amin'Andriamanitra. Ny fifandraisana

Free Digital Copy from ServeNow

amin'Andriamanitra dia manampy antsika hanakaiky kokoa sy hifandray akaiky kokoa Aminy.

Hoy Jesosy, *Raha mitoetra ao Amiko ianareo ary ny teniko mitoetra ao aminareo, dia angataho izay rehetra irinareo, fa ho tonga aminareo izany* (Jaona 15:7).

Ny iray amin'ireo Mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha dia nilazalaza ny antony tokony hivavahantsika. *Ary ho harendriko toy ny fandrendrika volafotsy izy ireo, ary hozahako toetra tahaka ny volamena. Hiantso ny anarako izy ka hamaly azy Aho; Izaho hanao hoe: Oloko izy ireo ary izy ireo hanao hoe: 'JEHOVAH no Andriamanitray. '* (Zakaria 13:9).

Ao amin'ny Baiboly no hahitanao izany hoe mpanjaka, mpaminany ary olontsotra toa ahy sy ianao, nisoroka ny fandringanana tamin'ny alalan'ny fivavahana tamin'Andriamanitra. Vavaka iray nampitsahatra ny masoandro, olona iray nivavaka nangataka afo avy any an-danitra ho aty ambonin'ny tany, ny iray kosa niampy dimy ambiny folo taona ny andro hiainany, ary ny vavaka iray dia nahavonjy tanàna iray manontolo. Ireo olona rehetra ireo dia nivavaka mafy tamin'Andriamanitra izay mpamaly vavaka.

Tombotsoa ny vavaka. Alaivo sary an-tsaina anie ilay namanao tena akaiky anao indrindra; afaka miantehitra amin'ny namanao ianao izay milaza fa ho eo tokoa izy amin'ny fotoana izay ilàna azy. Amin'ny fotoana izay ilànao azy, afaka miantso azy ianao ary tsy ho tezitra aminao izy. Vonona ny hiaino sy hamaly anao am-pitiavana ary am-pitaintainana izy. Toy izany ny vavaka. Ny maha samy hafa azy dia hoe Andriamanitra no tena namanao akaiky.

Andriamanitra dia tsy miafina mihitsy; manam-potoana tsy an-kiato ho antsika mandritran'ny tontolo andro Izy, eny 7 andro isan-kerinandro. Fantany

Free Digital Copy from ServeNow

ny zavatra rehetra efa nataoko fa mbola tia ahy ihany Izy! Fantany ny hoaviko. Efa voaisany ny andro hiainako. Manana hevitra tena tsara ho ahy Izy. Tena mikarakara ahy Izy ka izany no nanomezany ny Zanany lahy mba hananako fiainana mandrakizay miaraka Aminy.

Ny vavaka marina dia fifandraisana anaky roa. Izaho miresaka amin'Andriamanitra ary Izy koa miresaka amiko. Izaho tsy mahafantatra hoe ahoana ny ataon'ny Fanahy mba hampandeha ny fifandraisana – na koa hoe nahoana Andriamanitra no mila ahy hivavaka – nefa izay no fomba fiasany.

*Mangataha, dia omena hianareo; mitadiava, dia hahita hianareo; ndondony dia hovohana hianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; izay mandondona no hovohana* (Matio 7:7-8).

**Inona no holazaiko rehefa mivavaka?**

Izay tonga voalohany ao an-tsaiko ve no lazaiko? Teny ara-panahy ve sa lahateny no ampiasaiko? Raha ny marina, ny vavakao dia tsy voatery ho tsara lahatra. Tamin'ny Toriteny nataony teo an-tendrombohitra dia nilaza tamintsika Jesosy, *Ary raha mivavaka ianareo, dia aza mandany andro miteniteny foana tahaka ny jentilisa, fa ataony ho ny hamaroan'ny teniny no hihainoana azy* (Matio 6:7).

Azo tanterahina amin'ny fomba maro ny vavaka. Ataovy tsotra fotsiny, tahakan'ny hoe miaraka ao anaty efi-trano iray ianareo. Afaka lazainao azy ny ao am-ponao rehetra dia hihaino ny alahelonao izy.

Indray andro dia nanatona an'i Jesosy ny mpianatra. Heveriko fa mahatsapa tahakan'ny tsapatsika matetika koa izy ireo, hay nangataka tsotra, *Tompo ô, mampianarara anay hivavaka* (Lioka 11:1). Nataony izany! Nanome Vavaka natao ho ohatra ho an'ireo Izy izay

Free Digital Copy From ServeNow

miverimberina isan'andro any amin'ny kaontinanta rehetra nandritra ny 2.000 taona mahery izay. Lalina tokoa izy io nefa tena tsotra.

*Rainay Izay any an-danitra, Hohamasinina anie ny anaranao, Ho tonga anie ny fanjakanao, Ho tanteraka anie ny sitraponao, Ety an-tany tahaka ny any an-danitra Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamelà ny helokay, Tahaka ny namelanay ireo izay meloka taminay. Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, Fa manafaha anay amin'ny ratsy.* (Matio 6:9-13).

Vavaka nampianarin'ny Tompo hoy isika. Izay manampy antsika amin'ny maha zanak'Andriamanitra antsika mba hanomboka hivavaka sy hitsaoka Azy. Mampifantoka antsika amin'ny fahamasinan'ny Ray sy ny fahamboniany. Ahitantsika koa fa manana namana isika ao amin'ny Raintsika izay any an-danitra. Manaiky hatrany ny sitrapony isika, ety an-tany sy any an-danitra. Ny fanekena an'Andriamanitra no hany lalana tokana hahazoantsika valim-bavaka. *Ary izao no fahasahianaha nanantsika rehefa manantona an'Andriamanitra: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy* (1 Jaona 5:14).

Ny vavaka ho an'ny filantsika isan'andro angamba no mahazatra indrindra. Na miatrika aretina mafy, fahasahiranana ara-bola, olana ara-pianakaviana na toe-javatra manokana mety manahirana, dia mila toky isika fa afaka miditra amin'ny fiainantsika andavanandro Andriamanitra.

Misy amintsika mivavaka ho an'izay ilainy isan'andro, raha ny hafa koa mivavaka noho ny fitiavam-bola tafahoatra isan'andro. "Tompo ô, omeo aho, omeo aho, ary omeo aho." Tsy Dadabe Noely ny Tompo ka miandry ny lisitry ny faniriantsika isan'andro. *Ry malala, raha tsy manameloka antsika ny*

Free Digital Copy From ServeNow

*fontsika, dia manana fahasahiana eo anatrehan'Andriamanitra isika ary mandray avy Aminy izay rehetra hangatahantsika, satria mitandrina ny didiny sy manao ny sitrapony isika* (1 Jaona 3:21-22).

Mangataka famelan-keloka sy mamela heloka ny hafa angamba ny vavaka mampisalasala indrindra ho an'ny ankamaroantsika. *"Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay."* Afaka mangataka famelan-keloka mora foana isika, fa tena sarotra kosa ny hoe manatona ka mamela ireo izay nanao zavatra nampalahelo antsika. Isika dia mila manao vavaka fibebahana satria isika rehetra dia samy nania ka niala tamin'ny voninahitr'Andriamanitra. Rehefa mandray antsika Andriamanitra, amin'ny alalan'ny ràn'i Jesosy Kristy izay manadio, dia tsapatsika fa ilaina ny famelan-keloka sy ny fibebahana.

*"Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy."* Jesosy dia niatrika fakam-panahy imbetsaka, fa amin'ny toe-tsaina manaiky dia nanao zavatra izay ankatoavin'Andriamanitra Izy. Tsy mba maka fanahy antsika izany Andriamanitra, sady tsy mamela antsika irery Izy manoloana ny fanapahan-kevitra ho raisintsika. Tsy vavaka fanafahana ihany no ilaina, fa mitaky asa. Rehefa mivavaka mba hohafahana isika, dia miditra an-tsehatra Andriamanitra.

Amin'ny vavaka fanafahana, dia manamafy tokoa isika fa Andriamanitra no manafaka antsika amin'ny ratsy. *Ary ny Tompo hanafaka ahy amin'ny asa ratsy rehetra ka hitondra ahy amim-piadanana ho any amin'ny fanjakany any an-danitra* (2 Timoty 4:18).

Noho izany, aza manahy ny amin' izay ho lazainao rehefa mivavaka. Aza manome baiko an'Andriamanitra fa mivavaha mba hahazo baiko avy

Free Digital Copy from ServeNow

amin'Andriamanitra.Ny feonao no irin'Andriamanitra henoina, dia hamaly anao Izy.

**Inona no mitranga raha tsy tena mahay mivavaka aho?**

Ny Fanahy Masina no hanampy anao rehefa mivavaka raha toa ka tsy mahay mivavaka ianao. *Ary toy izany koa, ny Fanahy no mamonjy antsika amin'ny fahalementsika: fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina.Ary Izy izay mikatsaka ny fontsika no mahafantatra ny fisainan'ny fanahy, satria ny fanahy no manao fanelanelanana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra araka ny sitrapony* (Romana 8:26,27).

**Mihaino sy mamaly vavaka ve Andriamanitra?**

Eny, mihaino sy mamaly vavaka tokoa Andriamanitra. Ireto misy ohatra roa momban'io fampanantenana io ao amin'ny bokin'ny Salamo. *Mitaraina ny marina, ka mihaino azy ireo Jehovah; manafaka azy ireo amin'ny fahoriany rehetra Izy* (Salamo 34:17). *Hiantso Ahy izy, dia hamaly ny antsony Aho; hiara mandeha aminy Aho raha anaty ady izy, hanafaka azy Aho ary hanome voninahitra azy* (Salamo 91:15).

**Inona no manampy ny vavaka ataoko mba ho heno?**

Ireto misy toetra fototra hanampy ny vavaka ataontsika mba ho heno:

***Ny fanetren-tena***

*Raha ny oloko, izay nantsoina araka ny anarako, no ho avy hanetry tena sy hivavaka ary hitady ny tavako ka hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny* (2 Tantara 7:14).

Free Digital Copy From ServeNow

***Amin'ny fo manontolo***

I Jeremia mpaminany dia nanoratra, *Hitady Ahy ianareo ka hahita ahy raha mikatsaka Ahy amin'ny fonareo rehetra ianareo* (Jeremia 29:13).

***Finoana***

*Lazaiko aminareo tokoa , fa n'inon'inona angatahanareo amin'ny fivavahana, dia minoa fa efa noraisinareo izany, ary ho azonareo* (Marka 11:24).

***Fahamarinana***

*Koa mifaneke heloka ianareo ary mifampivavaha mba ho sitrana ianareo. Ny vavaka ataon'ny marina dia mahery sy mahomby* (Jakoba 5:16).

***Fankatoavana***

*Ary handray avy Aminy izay hangatahantsika rehetra isika, satria mitandrina ny didiny ka manao izay ankasitrahany* (1 Jaona 3:22).

***Nahoana no tsy voavaly ny vavaka sasany?***

Indraindray ny vavaka ataontsika dia tsy misy valiny. Ny Baiboly dia manome antony maro mahatonga ny tsy fahombiazana amin'ny vavaka:

***Ny tsy famelan-keloka***

Be dia be ny fankahalana eo amin'ny mpino. Toe-javatra mampalahelo izany. Marina koa fa maro no manararaotra ny hafa amin'ny fomba tsy ara-drariny tsy tambo isaina. Ireo karazan-javatra ratsy ireo dia mandratra ny olona. Sarotra amin'izy ireo ny mamela heloka. Mety eo amin'izany toerana izany koa ianao izao. Raha misy tsy famelan-keloka ao am-ponao, dia tsy afaka hamaly ny vavakao Andriamanitra.

Free Digital Copy from ServeNow

Nasehon'i Jesosy mazava tsara io fitsipika io raha nitory teny teo an-tendrombohitra Izy: *Noho izany, raha eo am-panaterana ny fanatitrao eo amin'ny altara ianao ka mahatsiaro fa manana alahelo aminao ny rahalahinao na ny rahavavinao, aoka ho avela eo anoloan'ny alitara izany fanomezana izany. Aoka aloha andeha hihavana aminy ianao, izay vao miverina manolotra ny fanatitrao indray* (Matio 5:23,24).

Mila ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ny fomba lehibe isika mba ho afaka mamelaka heloka ny hafa. Na dia efa namela olona iray aza ianao, mandritra ny volana maro dia mety hahatsapa ny ratram-po sy ny ratsy natao taminao ihany ianao. Tena voajanahary izany. Andriamanitra no hanasitrana izay marary koa.

Ny famelan-keloka ny hafa dia iray amin'ireo ady mafy indrindra izay atrehinao. Nefa raha tsy mamela ny hafa ianao dia tsy voavaly ny vavaka ataonao. Satria Andriamanitra efa namindra fo taminao, manantena Izy mba hanehoanao famindram-po tahaka izany koa ny hafa. Ny fanoharana momba ilay mpanompo tsy manana fiantrana izay hita ao amin'ny Matio 18:21-35 dia maneho izany mazava tsara. Jesosy dia niresaka momba ilay lehilahy tsy miantra izay nampidirina am-ponja. Nanamafy Izy fa, *Toy izany no hamalian'ny Raiko izay any an-danitra ny tsirairay avy aminareo raha tsy mamela ny rahalahinareo na ny rahavavinareo amin'ny fonareo ianareo.*

### *Ota miafina*

Ny ota no mampisaraka antsika amin'Andriamanitra. Na tsy miala amin'ny mpino aza ny anarana maha zanak'Andriamanitra azy rehefa manota izy dia sakana amin'ny vavaka ataony foana ny fahotany. Raha mbola misy ny heloka tsy nibaboana eo amin'ny fiainantsika dia tsy ho voavaly mihitsy ny

Free Digital Copy From ServeNow

vavaka izay ataontsika. Ny Baiboly dia manazava tsara izany fitsipika izany: *Raha nankamamy fahotana tato am-poko aho, dia tsy ho nihaino ahy Jehovah* (Salamo 66:18). *Fa ny fahotanareo no nampisaraka anareo tamin'Andriamanitrareo; ny fahotanareo no nanafina ny tavany taminareo, ka dia tsy mihaino Izy* (Isaia 59:2).

Rehefa tsy voavaly ny vavaka ataonao, fantaro sao mitahiry ota ao am-ponao ianao. Ny teny hoe "mankamamy" dia tena midika hoe "mitahiry." Tsy hoe ny fahotana tsinahy no resahina eto. Fa kosa miresaka momban'ny filalaovana azy sy ny fihazonana azy. Tsy maintsy hifonana ny ota toy izany. Amin'izay ihany Andriamanitra vao mamaly ny vavaka ataontsika.

***Ahiahy***

Fahasarotana atrehin'ny maro izany. Mivavaka amin'ny vava, fa ny any anatin'ny fo lalina tsy resy lahatra hoe hahazo valim-bavaka. Andriamanitra dia tsy mba mamaly ny vavaka toy izany. Ny mivavaka amin'ny finoana ihany no omen'Andriamanitra voninahitra.

Nasehon'i Jesosy mazava tsara izany: *Raha mino ianareo, dia ho azonareo izay rehetra angatahanareo amin'ny fivavahana* (Matio 21:22). Maro no mivavaka amin'ny teny tsy misy farany manantena hohenoina. Tsy mampiaiky an'Andriamanitra mihitsy ny lahateny lavareny atao amin'ny vavaka. Ny sasany mangataka, nefa miahiahy eo am-pangatahana. "Andriamanitra ô, izay mitoetra lavitra any, raha mihaino ny fivavako ianao ary raha tianao ny hamaly ity vavako ity, enga anie Ianao …"

Ny bokin'i Jakoba dia manazava izany. *Fa raha mangataka kosa ianareo, dia tsy maintsy mino ka tsy misalasala, satria izay misalasala dia toy ny onjan-dranomasina, tsofin'ny rivotra ka atopatopany* (Jakoba 1:6-8).

Free Digital Copy from ServeNow

Mangataha amin'ny finoana. Ny finoana dia ny fahazoana antoka ny valiny na mbola tsy tonga aza izany: *Ary ny finoana dia fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaintsika ary antoka ny amin'izay tsy hitan'ny masontsika* (Hebreo 11:1). Raha mangataka ianao, misaora an'Andriamanitra amin'ny valiny. Afaka misaotra an'Andriamanitra ianao amin'ny valim-bavaka raha manana finoana ao anatin'ny fonao. Aza miahiahy rehefa mivavaka dia hamaly anao Andriamanitra.

### *Diso fangataka*

Andriamanitra mandinika ny fo. Azony tsara ny antony rehetra ao an-tsaintsika. Noho izany dia tsy mamaly antsika izy raha diso fangataka isika.

Tsy moramora ny mahatakatra ny antony manosika antsika hivavaka. Indraindray lasa very hevitra isika. Sarotra ho antsika ny manavaka ny antony madio sy ny antony diso. Izay no nahatonga an'i Davida nivavaka hoe: *Tadiavo aho, Andriamanitra ô, ary fantaro ny foko* (Salamo 139:23a).

Matetika ny antony diso dia vokatry ny fitiavan-tena. *Mangataka ianareo, nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka, mba holaninareo amin'ny filanareo* (Jakoba 4:3).

Raha sendra tsy mahazo valim-bavaka ianao, mangataha amin'Andriamanitra mba handinika ny fonao Izy. Rehefa hasehony anao ny antony diso izay niafina dia mifonà aminy ary mivavaha indray. Dia hamaly ny vavakao Andriamanitra.

### *Tsy mahazo antoka ny sitrapon'Andriamanitra rehefa mivavaka*

Zava-tsarotra izany. Mitaky taona maro ho an'ny kristiana ny mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra manoloana ny zava-misy eo amin'ny fiainany. Mitaky

Free Digital Copy From ServeNow

taona maro hamakiana sy handinihina ny Baiboly mba ho afaka mihaino tsara ny torohevitr'Andriamanitra. Miresaka momba izany zava-tsarotra izany ny Baiboly. Milaza koa ny Baiboly fa ny Fanahy Masina ao anatintsika no manampy antsika hivavaka araka ny sitrapon'Andriamanitra satria ny Fanahin'Andriamanitra dia mahafantatra ny sitrapon'Andriamanitra.

Ny olana lehibe atrehin'ny kristiana manoloana ny vavaka dia ny fivavahana mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Jesosy dia nandalo tamin'izany tolona izany tao amin'ny Sahan'ny Getsemane, taloha kelin'ny nitondrana Azy ho homboina. Nivavaka Izy, *"Tsy ny sitrapoko, fa ny Anao"*. Ny fidirana amin'ny sitrapon'Andriamanitra dia mety ho tena sarotra.

Raha vao manomboka mivavaka araka ny sitrapon'Andriamanitra ianao, tsy maintsy ho avy ny valiny: *Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehan'Andriamanitra: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy. Ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika Aminy.* (1 Jaona 5:14,15).

Raha tsapanao fa mifanohitra amin'ny fanirianao ny sitrapon'Andriamanitra, angataho Izy mba hanome anao ny fahasoavana mba hanekenao ny sitrapony. Dia mivavaha mba ho tanteraka ny sitrapony.

### *Tsy fahampian'ny fikirizana*

*Dondony dia hovohana ianareo* (Matio 7:7). Maro no manaraka io fitsipika io nefa tsy mahita varavarana misokatra. Izany akory tsy midika hoe tsy mahomby izay nolazain'i Jesosy fa midika izany fa tsy ampy ny mandondona indray mandeha. Dondony foana mandra-pivohan'ny varavarana. Izany hoe, diso

Free Digital Copy From ServeNow

fanantenana ianao amin'ny zavatra ilainao. Rehefa mahita ny fahadisoam-panantenantsika Andriamanitra dia matetika Izy mamaly vavaka.

Andriamanitra dia tsy mamaly ny fanirian-dratsy, fa manome voninahitra ny mandondòna tsy tapaka. Ho an'ireo tena sahirana dia aza mitsahatra mandondona. Ny sasany mandondona tsindraindray dia lasa miteny any an-kafa fa tsy mamaly vavaka Andriamanitra. Ny olana dia tsy avy amin'Andriamanitra fa avy amintsika, satria mora kivy loatra isika.

Ao amin'ny Lioka 18 Jesosy dia nanao fanoharana momba ny mpitondratena iray izay tsy nety kivy. Ny tanjona dia ny hampianarana ny mpianatra fa “tokony hivavaka foana izy ireo fa tsy ho kivy”. Ny fanomezana tsara indrindra avy any an-danitra dia natokana ho an’ireo izay maharitra amin’ny vavaka. Izany no hany fomba ahafahanao milaza amin’Andriamanitra fa tena mila izany valim-bavaka izany ianao. Mivavaha foana. Aza kivy. Efa eny an-dalana ny valim-bavaka ho anao.

Ao amin'ny boky nosoratan'i Mark Batterson "*Ataovy sary ny faribolana*”, dia mitantara momba ny hain-tany tany Mississippi dimampolo taona lasa teo ho eo izay. Nandrahona hanimba ny voly ny hain-tany, ka niantso fiaraha-mivavaka ny iray tamin’ireo fiangonana. Mpamboly am-polony maro no tonga nivavaka, niakanjo toy ny mahazatra, fa nisy lehilahy iray nanao akanjo miavaka. Nitafy ho amin'ny fahagagana izy. Rehefa nanontany azy ny olona hoe nahoana, dia namaly fotsiny izy hoe: "Tsy te ho lena aho rehefa mody". Dia tsy lena tokoa izy fa ny rehetra kosa dia kotsan’ny orana...

Milaza amintsika i Jesosy fa tsy voatery lehibe noho ny voan-tsinapy akory ny finoantsika. Ny voa

Free Digital Copy from ServeNow

sasany dia mitaky fotoana lava kokoa vao maniry. Isika mila vokatra izao.

Matetika isika no mametraka ny vavaka ataontsika avy amin'ny mora mankany amin'ny sarotra kokoa. Tsy manao izany Andriamanitra. Rehefa nivoaka ny fasana Jesosy, dia nesoriny tao amin'ny voambolana kristiana ny teny hoe tsy azo tanterahana. Tsy misy vavaka tsy azony valiana izany. Matetika Andriamanitra dia manana fahagagana ho antsika. Izaho manokana dia mandray anjara amin'ny fanangonam-bola ho fanampiana amin'ny asa fanompoana. Isan'andro aho no manao ny vavaka fanaon'ny mpanangom-bola hoe: "Tompo ô, ampisehoy zavatra tsy ampoizina aho androany."

Alao sary an-tsaina raha tsy nanodidina an'i Jeriko intsony ny Israelita tamin'ny andro fahenina? Ahoana raha nitsoboka inenina fotsiny i Namàna? Ahoana raha nitsahatra tsy nivavaka mba hahazo orana i Elia taorian'ny fangatahany fahenina? Tsy maintsy maharitra isika! Ny bokin'i Josoa dia milaza hoe *Ny tany rehetra izay hodiavin'ny tongotrareo dia efa homeko anareo avokoa* (Josoa 1:3). Tsy hoe izay tiantsika no baikona hataon'Andriamanitra. Fa ny tsara kokoa dia ny didin'Andiamanitra no lasa tiantsika.

### *Fiaraha-mivavaka*

Rehefa miara-mivavaka isika, dia lasa feno herin'ny Fanahy Masina ny vavaka ataontsika. Mampalahelo fa maro ny Kristiana no tsy manararaotra izany. Ny fiaraha-mivavaka dia ara-baiboly. Im-betsaka ao amin'ny Testamenta Vaovao no nasaina niara-nivavaka ny Kristiana. Izany dia tsy voafetra ho an'ny fianakaviana ihany. Ny olona voalohany nanome io didy io dia i Jesosy, ny faharoa dia i Paoly.

Free Digital Copy From ServeNow

Ny fampianarana amin'ny ankapobeny dia ny fiaraha-mivavaka amin'ny hafa.

Matio 18:19-20, *Ary lazaiko aminareo ihany: Raha misy roa aminareo mifanaiky etỳ ambonin'ny tany ka hangataka na inona na inona, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany. Fa na aiza na aiza no hiangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia eo aminy Aho*. Ireo no teny nolazain'i Jesosy tamin'ny mpianany. Tsy nanoro hevitra ny hiara-mivavaka fotsiny izy, fa nanome toromarika antsika mba hanao izany. Ary tsy noferany koa izay tokony hiarahantsika mivavaka; fa hoy izy hoe ataovy izany.

Nanome toromarika ny tokony hataontsika koa ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo *Ary aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara, ka tsy ahafoy ny fiombonantsika...* (Hebreo 10:24-25). Ny fiarahana miangona dia tsy midika hoe fiangonana fotsiny. Ao amin'ny Romana 15:30, mampirisika antsika i Paoly *Ary mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny amin'i Jesoa Kristy Tompontsika sy ny fitiavana avy amin'ny Fanahy, mba hiarahanareo miezaka amiko amin'ny fivavahanareo amin'Andriamanitra ho ahy*. Tsy soso-kevitra izany fa toromarika.

Ny fiaraha-mivavaka dia manome hery lehibe kokoa noho ny olona tokana mivavaka. Raha tsorina dia misy hery ny isa. Inona no hery ananan'ny fiaraha-mivavaka?

*Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampiantso ny loholon'ny fiangonana mba hivavaka ary hanosotra diloilo azy ireo amin'ny anaran'ny Tompo ireo. Ary ny fivavaky ny finoana dia hanasitrana ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy ireo. Ary raha nanota izy ireo, dia havela ny helony. Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha,*

Free Digital Copy From ServeNow

*mba ho sitrana ianareo. Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra* (Jakoba 5:14-16).

I Jakoba dia miresaka ny amin'ny karazana fanasitranana rehetra. Ny fahasitranana ara-batana sy ara-tsaina satria mifampivavaka isika. Ny fanasitranana ara-panahy sy ara-pihetseham-po satria mifampibaboka ny fahotantsika isika, ary miara-mivavaka. Mazava ho azy fa raha miara-mivavaka ny Kristiana, dia hahatsapa ny herin'ny Tompo isika.

Raha mamaky isika ao amin'ny Matio 18:19 hoe ahoana no hanaovan'ny Ray izay rehetra angatahintsika, rehefa misy roa ihany no mifanaraka. Ny teny hoe "na inona na inona" dia teny midadasika izay ahitana ny zava-drehetra. Izany no hery ara-bakiteny hamindra ny lanitra sy ny tany. Rehefa miaraka mivavaka isika dia manana izany hery izany. Toy ny fiaraha-miasa ny vavaka. Vokatry ny vavaka dia misy fifamatorana eo amin'ny mpino. Afaka manao ny asa tsara indrindra ho an'Andriamanitra sy ho an'ny hafa amin'ny alalan'ny vavaka ianao.

Raha tena mahery tokoa ny fiarahana mivavaka, nahoana no tsy tian'ny Kristiana ny manao izany? Angamba noho ny tahotra. Matahotra ny hanao fahadisoana na holavin'ireo izay miara-mivavaka isika. Mety hivavaka mafy isika, ary raha tsy mamaly avy hatrany Andriamanitra, dia mety hahatsapa ho toy ny tsy fahombiazana. Tsy avy amin'Andriamanitra izany tahotra izany. Avy amin'ny fahavalo izany. Manamafy izany ny Jaona 10:10. *Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana.*

Rehefa matahotra ny Kristianina satria mety ho lavina, mety tsy hahomby amin'ny lafiny iray, dia latsaka ao anatin'ny fandriky ny fahatahorana ataon'ny fahavalo. Mampiasa io fitaovam-piadiana io izy mba

Free Digital Copy From ServeNow

hangalarana amim-pahombiazana ny herim-pontsika hivavaka ho an'ny hafa. Hoy Jesosy amintsika, *Ary lazaiko aminareo sakaizako hoe: Aza matahotra izay mamono ny tena, nefa nony afaka izany, dia tsy mahay manao mihoatra noho izany akory. Fa hasehoko anareo izay tokony hatahoranareo: Matahora Izay manam-pahefana hanary any amin'ny helo, rehefa novonoiny ianareo; eny, hoy Izaho aminareo: Matahora Azy* (Lioka 12:4-5). Hoy Paoly tamin'i Timoty, *Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy mahaosa isika, fa fanahy manome hery sy fitiavana ary fahononan-tena* (2 Timoty 1:7).

**Mila mivavaka amim-pahasahiana isika**

Ny vavaka amim-pahasahiana dia manome voninahitra an'Andriamanitra ary Andriamanitra manome voninahitra ny vavaka amim-pahasahiana. Tia mitana ny teny fikasany Andriamanitra, manao fahagagana ary manatanteraka ny faniriana. Izany no maha Izy Azy ary izany no ataony. Tsy hanao na inona na inona Andriamanitra raha tsy mivavaka ny amin'izany isika. Ny tena ratsy indrindra dia ny vavaka tsy misy valiny satria tsy nangatahana.

Nisy lehilahy nanonofy indray alina. Tao amin'ny efitrano iray tany an-danitra izy, feno talantalana (étagères) tsy misy fiafarany, feno fanomezana voafono tsara."Inona ity?" Hoy izy nanontany ilay anjely iray nitondra azy nijery ny toerana. "Ireo no valim-bavaka tian'Andriamanitra homena ny olony, nefa tsy nisy nangataka azy ireo mihitsy!"

**Valiny tara**

Mitsahatra tsy mivavaka ny olona noho ny fahatarana amin'ny fahazoana valim-bavaka. Tsy hisalasalana fa mety hitondra fahasorenana sy

Free Digital Copy From ServeNow

fahadisoam-panantenana ny fahataran'ny valim-bavaka. Kanefa fantaro fa Andriamanitra dia manemotra izany mba hahasoa antsika. Fantatry ny Raintsika any an-danitra izay ilaintsika na dia mbola tsy mangataka aza. Rehefa mangataka anefa isika, dia tsy mamaly eo no ho eo Izy mba hahazoana antoka fa marina ny antony manosika antsika hangataka. Mila mianatra matoky ny fahendreny isika, izay tsy mety diso. Amin'ny fotoana tsara sy mety dia ho avy ny valim-bavaka. Koa miantsoa an'Andriamanitra, na aiza na aiza, na amin'ny fotoana inona. Na inona na inona tianao hangatahina, mety ho zavatra adaladala na zava-dehibe, dia tiany ny mihaino anao.

**Inona no fihetsika tena mety amin'ny vavaka?**

Jim Elliot, misionera ho an'ny Indianina Auca any Amerika Atsimo, novonoin'ireo olona nokasainy hitoriana ny filazantsara, dia niteny hoe: "Ny olomasina mandohalika dia tsy mihemotra mihitsy".

Ny fihetsika anatiny dia manan-danja kokoa noho ny ivelany. Tadidinao ve ilay zanaka adala? Nivavaka ny vavaka ratsy indrindra teo amin'ny toerana tsara indrindra izy. Tao an-trano, dia hoy izy tamin-drainy: "Omeo ahy!" Taty aoriana, rehefa nandany ny fananany rehetra izy ary namahana ny kisoa toy ny andevo, dia nivavaka ny vavaka tsara indrindra tamin'ny toerana ratsy indrindra izy hoe: "Ataovy mpanompo aho".

**Rahoviana aho no mivavaka?**

Mampirisika antsika hivavaka tsy an-kijanona ny Soratra Masina. Tsy midika akory izany hoe mipetraka irery ao amin'ny efitra kely iray isika, ary mivavaka 24 ora isan'andro mandritran'ny herinandro. Afaka mivavaka mandrakariva anefa isika rehefa manao

Free Digital Copy From ServeNow

ny asantsika andavanandro. Tsara ny mivavaka mangina rehefa miaraka amin'olon-kafa, nefa tsy maintsy manana fotoana koa isika rehefa irery. Nankany an-tsaha i Abrahama patriarka mba hivavaka. Nivoaka tamin'ny misasak'alina i Jakoba zafikeliny mba hitolona am-bavaka tamin'Andriamanitra. Nandeha irery nankany amin'ny tranolay i Mosesy mpanafaka, izay nantsoina hoe Tabernakely tatỳ aoriana, ary niakatra tao an-tendrombohitra koa izy mba ho irery niaraka tamin'Andriamanitra. Matetika i Jesosy no nankany an-tendrombohitra mba hivavaka.

Hitako fa ny iray amin'ireo fotoana tsara indrindra hivavahana dia rehefa mitondra fiara aho, irery. Tsy misy olon-kafa mandre ahy, ka afaka mibitsibitsika aho na mikiakiaka indraindray. Na miandry eo amin'ny jiron'ny fifamoivoizana isika, na mijanona ao anatin'ny fitohanan'ny fifamohivoizana amin'ny fotoana maimaika, dia afaka mivavaka ho an'ireo mpamily hafa isika fa tsy sosotra amin'izy ireo. Manampy ny sainao manokana izany! Araraoty ny fotoana rehetra!

**Hafiriana no fotoana hivavahako?**

Tsy maintsy mivavaka mandritra ny adiny iray ve isika vao miresaka amintsika Andriamanitra? Sa ampy ny folo minitra? Tsy mino aho hoe handrefy ny vavaka ataontsika amin'ny famantaranandro Jesosy. Na izany aza, tiako ny famaritana momba ny batisan'i Jesosy izay hita ao ao amin'i Lioka 3:21, *Ary rehefa vita batisa avokoa ny vahoaka rehetra, dia efa natao batisa ihany koa i Jesosy. Ary raha mbola nivavaka Izy dia nisokatra ny lanitra*. Indraindray rehefa mivavaka isika dia mahatsapa toy ny hoe efa hipaka amin'ny tafo ny lohantsika. Nefa tsy takatsika ilay izy.Ny vahaolana dia ny mivavaka mandra-pisokatry ny lanitra!

Free Digital Copy From ServeNow

**Inona no tokony hivavahako?**

Ao amin'ny Efesiana 3, i Paoly dia mamaritra ny fangatahana vavaka efatra manokana. Tena hafa noho ny mahazatra antsika izy ireo. Tsy nivavaka izy mba hahazoana fanampiana ara-nofo, sakafo bebe kokoa, trano tsara kokoa na fiara vaovao. Tsy nivavaka mba hanasitranana an'izao na izao, na dia azony natao aza izany. Izy kosa nivavaka mba hahazoana zavatra lalina kokoa.

***Hery ara-panahy ao anatinao***

*Mivavaka aho mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny alalan'ny Fanahiny ny ao anatinareo* (Efesiana 3:16). Inona no mahasoa ny vatana salama raha ratsy ny fanahy?

Dwight L. Moody, evanjelistra lehibe tao Chicago ny taonjato faha-19, hono, rehefa nanontany azy ny olona momba ny sakana lehibe indrindra amin'ny asany dia hoy izy matetika "manana olana lehibe amin'i Dwight. L. Moody aho." Ny fanavaozana marina dia manomboka ao anatintsika. Hoy ny fitenenana taloha hoe "Aza mivavaka amin'ny toe-javatra mitovy amin'ny herinao, fa amin'ny hery mitovy amin'ny toe-javatra misy anao".

***Fahalalinana ara-panahy***

*Mivavaka ihany koa aho mba hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ianareo* (Efesiana 3:17). Ao amin'ny Marka 4, Jesosy dia nilaza ny fanoharana momba ny mpamafy, mamafy ny voany. Ny sasany amin'ny voa nafafy teny an-dalana ka lanin'ny vorona. Ny sasany nafafy eny amin'ny toerana be vato izay tsy misy tany be, rehefa latsaka izy dia maty, satria tsy nanam-paka. Ny sasany dia voafafy teny amin'ny

Free Digital Copy From ServeNow

tsilo, izay naniry dia voageja. 25% ihany no voafafy teny amin'ny tany tsara, lasa faka lalina ary namoa.

Tsy misy afaka mahita ny rafitry ny faka. Tahaka ny fanorenana ny trano avo; raha tsy manorina fototra lalina izy ireo dia tsy afaka manampy rihana maro. Misy ny nilaza fa ny maha isika antsika dia izay hohanintsika. Ny sasany amintsika dia bebe kokoa noho izay hohanintsika. Nilaza tamintsika Andriamanitra mba hihevitra ny tenatsika ho toy ny tempoliny, fa ny sasany tamintsika dia nanao izany ho katedraly! Na izany na tsy izany, mila mifantoka amin'ny halalin'ny ara-panahy eo amin'ny fiainantsika isika, miaraka amin'ny faka lalina. Rehefa tonga ny tafio-drivotra eo amin'ny fiainana, dia afaka mijoro tsara isika na dia mitady hanongotra antsika aza ny rivotra.

## Ny fahatsapana ara-panahy

*… mba hananana reo hery, mbamin'ny olona masina rehetra ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany ary ny hahavo sy ny halalin'ny fitiavan'i Kristy* (Efesiana 3:18-19a).

Rehefa mihalehibe isika dia lasa miha tery kokoa ny fisainantsika sy ny fahatakarantsika. Tonga mpiaro isika ary mahatsiaro hatahorana. Indraindray lasa kely loatra ny fiheverantsika an'Andriamanitra. Mametra Azy isika amin'izay ataony sy izay azony atao. Angamba ny antsika ny vavaka dia tokony hifantoka amin'ny fahazoana fahatsapana manokana, mba hahafahantsika mahatakatra ny maha-Andriamanitra Azy sy ny halehiben'ny fitiavany antsika.

## Fahafenoana ara-panahy

*… ary hahalala ny amin'io fitiavana io, izay mihoatra noho ny fahalalana – mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra* (Efesiana 3:19).

Free Digital Copy From ServeNow

Ny fahafenoana matetika dia midika hoe fifehezana. Rehefa feno fahatezerana isika dia fehezin'ny fahatezerana. Rehefa feno fangidiana isika dia fehezin'ny mangidy. Rehefa feno ny fanahin'Andriamanitra isika, dia fehezin'ny fanahiny. Ary rehefa feno vavaka ho an'ny hafa isika, dia fehezin'ilay mivavaka ho antsika.

**Fomba fivavahana mora atao isan'andro**

4FI dia fanafohezan-teny manampy antsika hifantoka amin'ny vavaka. Indraindray isika dia tena tsy mahay mivavaka. Ny modelin'ny 4FI amin'ny vavaka dia manamora ny vavaka, na dia mbola tsy nivavaka mihitsy aza ianao. Mahatonga ny fivavahana ho tena manokana sy hahomby ary mahery izany.

**1 – Fiderana**

Ny ampahany voalohany amin'ity vavaka ity dia ny fiderana. Ny rehetra dia samy tia dokafana sy deraina daholo! Tsy misy hafa amin'izany koa Andriamanitra. Mendrika ny hoderaintsika Izy. Aoka ho voafaritra tsara. "Tena mahafinaritra Ianao" dia zavatra tsara holazaina, nefa tsy milaza Aminy ny antony iheverantsika azy ho mahafinaritra izany. Manandrama zavatra toy ny hoe: "Mahagaga ny famindram-ponao sy ny fitiavanao ahy Andriamanitra." Izany dia mahatonga an'Andriamanitra hahafantatra tsara ny zavatra tsapantsika.

**2 – Fiaiken-keloka**

Misy ny milaza hoe: "Mahatsara ny fanahy ny fiaiken-keloka".

Ny fahotantsika no mampisaraka antsika amin'Andriamanitra. Ny fieken-keloka ataontsika amin'ny vavaka eo anatrehan'Andriamanitra dia

Free Digital Copy From ServeNow

manadio ny lalana ho amin'ny fifandraisana lalina Aminy. Efa fantany ny fahotantsika, fa ny fieken-keloka ataontsika dia mampiseho ny fahatsiarovan-tenatsika manokana sy ny faniriantsika hanala izay sakana rehetra ao anatintsika tsy hahafahantsika manana fifandraisana Aminy. " Andriamanitra ô, nanota taminao aho tamin'ny alalan'ny ________________________." Aoka marina tsara sy mahitsy.

**3 – Fisaorana**

Inona no tokony hisaorantsika? Ampahafantaro an'Andriamanitra! "Misaotra Anao, Andriamanitra ô, namela ahy sy nitia ahy na dia teo aza ny fahotako", dia fomba tsotra hivavahana. Misy tsy mila manazava bebe kokoa raha tsy mahatsiaro tena ho voatahy ianao, ary maniry ny hanao lisitra amin'ny antsipiriany ireo lafin-javatra eo amin'ny fiainanao izay isaoranao.

**4 – Fitalahoana**

Ny fitalahoana dia midika hoe mitalaho amimpanetren-tena, ary izany no farany amin'ny modely vavaka ataontsika. Naneho ny fiderana isika, niaiky ny fahotantsika ary naneho fankasitrahana. Ankehitriny isika dia vonona ny hanatona an'Andriamanitra amin'ny fangatahana. Raha ny amiko, matetika, ny fitalahoana dia hoe: "Ampio aho mba ho olona tsara kokoa." Rehefa mivavaka ianao dia afaka mangataka zavatra voafaritra tsara koa. Tsy misy maharatsy ny mangataka amin'Andriamanitra izay tena tiantsika tokoa. Manome toky antsika ny Matio 21:22, *Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo izany.*

Ny 4FI dia modely tsara ampiasaina rehefa miomana hivavaka isika. Ny fanafohezan-teny 4FI dia

Free Digital Copy From ServeNow

manampy antsika hahatsiaro izay tiantsika holazaina amin'Andriamanitra. Mety ho amin'ny antsipiriany sy lava be ny vavaka 4FI ataontsika. Ny 4FI koa dia mety ho tena tsotra sy mivantana. Ny zava-dehibe kokoa noho ny teknika ampiasaintsika dia ny mivavaka tsotra izao.

**Inona no lazain'ny Baiboly momba ny vavaka?**

*Dia nitaraina tamin'i Jehovah ireo, raha ory,ka nanafaka azy tamin'ny fahatereny Izy. Nanony ny rivotra mahery Izy, Ka nitsahatra ny onjan-drano. Dia faly ireo, satria nitsahatra izany; Ary nentiny ho amin'ny fitodiana niriny izy ireo* (Salamo 107:28 -30).

*Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo* (Matio 7:7).

*Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo izany* (Matio 21: 22).

*Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona angatahanareo amin'ny fivavahana , dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany* (Marka 11:24).

*Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin'ny anarako ianareo, dia hataoko izany* (Jaona 14:13-14).

Marka 9:29, *Ary hoy Izy taminy: "Iny karazana iny tsy mba azo avoaka na amin'inona na amin'inona, afa-tsy amin'ny fivavahana ihany".*

Asan'ny Apostoly 9:40, *Ary navoak'i Petera ny efitrano avokoa izy rehetra, dia nandohalika izy ka nivavaka. Ary nitodika nanatrika ny fatin'ilay vehivavy izy ka nanao hoe: "Ry Tabita, mitsangàna". Dia nahirany ny masony, ary raha nahita an'i Petera izy, dia niarina.*

Free Digital Copy From ServeNow

Jakoba 5:14-16, *Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampiantso ny loholon'ny fiangonana mba hivavaka ary hanosotra diloilo azy ireo amin'ny anaran'ny Tompo ireo. Ary ny fivavaky ny finoana dia hanasitrana ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy ireo. Ary raha nanota izy ireo, dia havela ny helony. Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra.*

Efesiana 6:18, *Ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana sy ny fangatahana rehetra. Aoka ho ao an-tsainareo mandrakariva izany, ka miambena amin'izany ary aoka hanohy hivavaka ho an'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra.*

Filipiana 4:6-7, *Aza manahy na inona na inona, fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy.*

**Inona marina no idiran'ny vavaka amiko?**

Fantatro fa olona tsy manan-kery aho. Tsy misy toerana azoko aleha hitadiavako fanampiana afa-tsy ao amin' Andriamanitra ihany. Na dia afaka mampiaiky volana ny hafa aza aho, dia tsy afaka mampiaiky an'Andriamanitra. Rehefa kivy aho dia toa mamaly vavaka Andriamanitra.

Ao amin'ny 1 Samoela 1:1-15 isika dia afaka manaraka ny tantaran'i Hana, izay mbola tsy afaka nitoe-jaza. Nivavaka mafy teo am-baravaranan'ny Tabernakely izy, nitsangana teo fotsiny, nivavaka mangina ka ny moliny ihany no nietsiketsika, noheverin'ny mpisoronabe ho mamo. Namaly ny vavaka feno fanetren-tena nataony Andriamanitra!

Free Digital Copy From ServeNow

Arakaraka ny ananantsika fahatokisan-tena no mampiena ny vavaka ataontsika. Ny vavaka no tena fiteninny mahantra. Milaza izany tsara ny mpanao salamo. *Mihainoa ahy, Jehovah ô, ka valio aho, fa ory sy mahantra aho* (Salamo 86:1 NLT). *Ity olo-mahantra ity niantso, dia nihaino Jehovah ka namonjy ahy tamin'ny fahoriako rehetra* (Salamo 34:6).

Ny tsy fahampiana dia mitarika antsika hivavaka. Ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy, ny fiangonan'i Laodikiana no manazava fa manana ny zava-drehetra ary tsy mila na inona na inona, nefa raha ny marina dia izany no tena nila ny zava-drehetra.

Nandritra ny taona maro dia nanatrika fihaonambe ara-pilazantsara maro aho, na ho an'ny laika na ho an'ny Pasitera. Matetika dia ny paikady foana no resahina fa tsy ny vavaka. Kanefa, raha tsy mivavaka isika dia mandany andro fotsiny. Rehefa miasa isika dia miasa. Rehefa mivavaka isika dia afaka miasa Andriamanitra.

Tantara roa ao amin'ny Testamenta Taloha no mampahatsiahy antsika izany. Rehefa nanompo ny mpanjaka tany Babylona i Nehemia, dia nahare ny toe-piainana tao an-tanànany Jerosalema. Norobaina ny tanàna, nisy ny tempoly rava ary nirodana ny mandan'ny tanàna. Raha vao niatrika izany vaovao mampalahelo izany izy, dia nivavaka. Rehefa nahita ny tarehin'i Nehemia nalahelo ny mpanjaka, dia nanontany hoe nahoana izy no toa kivy. Tamin'ny vavaka haingana nataony tamin'Andriamanitra, dia namaly ny mpanjaka i Nehemia, ary niditra an-tsehatra ny mpanjaka ka nanome azy ny fitaovana ilaina ho entiny hody sy hanorina indray ny manda. Rehefa niverina izy nankany Jerosalema ary nanomboka ny asa, dia niezaka ny fahavalo hampitsahatra ny asa. Nivavaka indray i Nehemia dia namaly Andriamanitra.

Free Digital Copy From ServeNow

Ny tsy fahampiany sy ny fahalemeny no nisarika an'i Nehemia ho any amin'Andriamanitra.

Ao amin'ny 1 Samoela isika dia mamaky momba ny tafika israelita norahonan'ny Filistinina, izay asehon'i Goliata ilay olona goavambe indrindra. Tsy nisy sahy nitsangana nanohitra azy, mandra-pahatongan' i Davida mpiandry ondry kely tao an-toby. Hitany ny fahalemen'izy ireo ary fantany fa Andriamanitra irery ihany no afaka hamaha ny olana. Nitaraina ara-bakiteny tamin'Andriamanitra izy ary dia nambarany tamin'ny feo avo izany mba ho ren'ny rehetra. *Fa hoy kosa Davida tamin'ilay Filistina: Hianao manatona ahy amin'ny sabatra sy ny lefona ary ny lefom-pohy; fa izaho kosa manatona anao amin'ny anaran'i Jehovah Tsitoha, Andriamanitry ny miaramilan'ny Isiraely, Izay efa nohaikainao. Anio no hanoloran'i Jehovah anao amin'ny tanako* (1 Samoela 17:45).

Sahirana loatra ve ianao ka tsy afaka mivavaka? Ny mahafeno ny fiainantsika dia ny filàna. Ny vavaka momba azy ireo dia mety hamaha haingana kokoa noho ny asa mafy andevozin'izy ireo fotsiny. Mandany andro maro eny an-dalana aho, ary manana ora maro irery ao amin'ny efitranon'ny hotely. Tena mora ny mamelona ny fahitalavitra ary mamela ny ora hivezivezy eo am-pijerena zavatra kely na tsy misy tombony ho an'ny fanahiko aza. Matetika aho dia manapa-kevitra ny tsy hanokatra ny tele mihitsy, fa hivavaka kosa, "Tompo o, sokafy amiko ny lanitra eto amin'ity toerana ity."

Lazao amin'Andriamanitra fa matotra ianao amin'ny vavaka. Aza raisina amin'ny valim-bavaka fotsiny. Nilaza tamintsika i Hosea mpaminany, … *Izao no fotoana hitadiavana an'i Jehovah, ambara-pihaviny sy handrotsahany ny fahamarinany aminareo* (Hosea 10:12).

Free Digital Copy From ServeNow

**Tsy hihaino Izy satria nandao an'Andriamanitra aho**

"Ahoana no ahafahako mivavaka nefa nandiso fanantenana Azy aho? Niezaka nivavaka aho fa toy ny hoe hiatrika Filoham-panjakana izay vao avy notsinotsiniaviko ny sainampireneny!"

Nahoana i Satana no hiaro ny voninahitr'Andriamanitra amin'ny fitehirizina ny lambanao maloto avy ao amin'ny efitranon'ny seza fiandrianana? Izany no toetrany. Ny lamba maloto dia tsy natao afenina fa natao haharihary eo anatrehan'Andriamanitra. Izao no lazain'ny Testamenta Vaovao:

*Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra* (1 Jaona 1:9).

*Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindram-po sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena antsika amin'izay andro mahory* (Hebreo 4:16).

Izany hoe raha tena sahirana ianao dia ianao mihitsy no tena andrasan'Andriamanitra. Tsy mora ny manatona amim-pahasahiana, fa izany no asainy atao. Na iza na iza ianao, na inona na inona vitanao taloha sy ankehitriny, dia hihaino ny vavakao aminkafanam-po Izy. Tsarovy fa Izy mihaino ny fitarainana malemy indrindra ao am-ponao.

**Vonona ny ho anisan'ny valim-bavaka ve ianao?**

Mahafinaritra ny mahazo valim-bavaka, nefa mahafinaritra mihoatra lavitra noho izany ny hoe anisan'ny valim-bavaka ianao. Tany an'efitra i Mosesy no nivavaka mba hahazoany vahaolana ho an'ny vahoakany izay niaina tamin'ny fahababoana tany Egypta.Ny tavany izay teo amin'ny peta-drindrina ombay mitady tany Egypta nefa any ihany no toerana

Free Digital Copy From ServeNow

farany tsy maintsy hiverenany. Ary Andriamanitra niseho tao anaty roimemy nirehitra ary nilaza tsotra tamin'i Mosesy, "Ianao dia anisan'ny valim-bavaka. Miverena ary vonjeo ny oloko."

Fony tany Babylona dia nivavaka ho an'ny tanan'i Jerosalema i Nehemia, nohon'ny faharavan'ny mandan'ny tanànany sy noho ny korontana. Namaly ny vavaka nataon'i Nehemia Andriamanitra ary nampahafantatra azy fa handeha ny amin'ny Tany Masina. Lasa anisan'ny valim-bavaka izy.

Ao amin'ny bokin'ny Mpitsara, i Gideona dia nivavaka mba hanafahana ny vahoakany amin'ny Midiana izay nampahory azy ireo. *Rehefa niseho tamin'i Gideona Ilay Anjelin'i Jehovah dia nanao taminy hoe: "Jehovah no momba anao, ry lehilahy mahery… Mandehana amin'izao herinao izao, ka vonjeo ny Isiraely amin'ny tanan'ny Midiana. Tsy efa naniraka anao va Aho?* (Mpitsara 6:12-14). Nanjary anisan'ny valim-bavaka i Gideona!

Rehefa mivavaka ianao, dia ho hitanao amin'ny farany fa afaka ho anisan'ny valim-bavaka avy amin'Andriamanitra koa ianao. Izany angamba no valim-bavaka lehibe indrindra ho azonao.

*Ary ho an'izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika, ho Azy anie ny voninahitra ao amin'ny fiangonana sy ao amin'i Kristy Jesosy hatramin'ny taranaka fara mandimby, mandrakizay mandrakizay. Amena* (Efesiana 3:20-21).

Free Digital Copy From ServeNow

## FANONTANIANA HO FAMPIANARANA SY HO FAMPIERITRERETANA

- Impiry ary oviana no mivavaka ianao?

- Nahoana no tokony hivavaka isika?

- Inona avy ireo antom-bavaka azonao atao?

- Manana ohatry ny valim-bavaka avy amin'Andriamanitra azo tsapain-tanana ve ianao?

- Manampy anao manokana ve ny fiaraha-mivavaka amin'ny olona maromaro?

- Manam-paharetana ve ianao rehefa mivavaka?

- Nahoana no mino ianao fa indraindray dia toa tsy mamaly ny vavakao Andriamanitra?

- Mampihatra ny Fiderana, Fiaiken-keloka, Fisaorana ary Fitalahoana ve ianao rehefa mivavaka?

- Efa mba tsapanao ve fa tena mahatoky amitsika tokoa Jesosy rehefa mibebaka ny amin'ny fahotantsika isika?